Mpiandry raharaha

PHARMACIES DE GARDE 12/09/2020 hatramin'ny 19/09/2020

- **67HA** (face Eglise Luthérienne) 020 22 253 61
- **VOLAHANTA** (Anosibe près du rond point vers Soanierana) 020 22 355 09/034 24 334 86/033 86 194 15
- **NANISANA** (Route de Nanisana) 020 22 520 29/032 03 520 29/034 05 750 29
- **IARIVO** (Analakely en face Institut d'hygiène sociale) 020 22 224 26/020 22 699 19/034 16 326 06
- **AMBANIDIA** (Ambanidia) 020 22 255 50
- **MAHAVOKY** (Mahavoky Andravoahangy) 020 22 255 51

HJRA (urgences) : 033 11 890 58 / 22 279 79

HOMI Soavinandriana : 22 397 51

Hopitaly Befelatanana : 22 223 84 / 22 6 N72 21

Hopitaly Loterana Ambohibao : 22 441 88 /22 485 17

Clinique des Soeurs Ankadifotsy :22 235 54

Ambulances municipales : 22 200 40
Jirama:
Telma : (22)3547 (n° vert) / Airtel :03 35 47 / Orange : 032 32 3547

Pompiers : Tél : 118/ 22 250 18/ 22 225 66

Police : Hôtel Central de Police : 17 / 22 227 35 /22 357 09

1° Arrondissement Tsaralalàna : 22 280 54
2°Ambanidia : 22 309 46
3°Antaninandro : 22 291 30
4°Isotry : 22 280 51
5°Mahamasina :22 280 48
6°Ambohimanarina : 22 225 52
7°67 Ha : 22 291 29
8°Analamahitsy : 22 493 25
Brigade criminelle : 22 216 78 /22 210 29 / 22 674 83 na 84

GIR : 22 227 35

Gazetim-baovao miseho intelo isan-kerinandro
Vidiny: 300 Ar
Adiresy: lot T 70 Ankadindratombo

TALEN'NY FAMOAHANA :
Rahelisoa A.
034 79 07600

MPANAO GAZETY

Politika:
Isambilo: 033 24 783 65
Rajo: 033 80 022 53
Andry Tsiavalona 032 07 744 55

Toe-karena :
Aly : 033 18 382 88

Kolontsaina:
Aris: 034 17 460 53
Beharo : 032 02 557 89

Fanatanjahantena:
Lita: 033 41 557 69

Mailaka:
gvalosoa@yahoo.com
NATONTAN'NY Imprimerie de la RN7

Fametrahana 1067-09-2020
Isan'ny natonta: 10 000

Tsy azo adika, na alain-tahaka, na antsaina ampahibemaso raha tsy ahazoana alalana vita soratanana avy amin'ny tompony

TANTSAHAN'I BETAFO, SOKAFY NY AAA

Tsy vahaolana ny fanafarana ombivavy be ronono avy any ivelany

Tsy vahaolana ny fanafarana ombivavy be ronono avy any ivelany, fa ny fanokafana ny orinasa AAA Magro ihany no lalana mahomby tsy haha-simba ny ronono vokatra any Vakinankaratra. Noho ny fahasimban' ny ronono samba tsy misy mpandray izay, nanary ny ronono ny tantsaha mpiompy tany Betafo. Nihetsika indray ireo tantsahan'i Betafo, faritra Vakinankaratra ny sabotsy maraina teo, ho valin-kafatra ho an'ny Minisitry ny fambolena sy ny fiompiana. Nambaran'izy ireo, fa tsy vahaolana ny fampidirana omby avy any ivelany nambaran'ny minisitra, fa ny fanokafana ny orinasa Triple A (AAA), izay mahavidy ronono betsaka sy amin'ny vidiny lafo no vahaolana. Taorian'ny fanariana ronono ny herinandro lasa teo dia nitondra mpandraharaha avy any amin'ny Distrikan'Ambatolampy ny lehiben'ny Distrika ary nampihaonina tamin'ny tantsaha, fa afaka mividy ronono faran'izay betsaka, saingy 1200 Ariary ny iray litatra, ary amin'ny fahavaratra kosa dia 1100 Ariary. Efa nividy lafo noho izany anefa ny orinasa Triple A, araka ny nambaran'ireo mpanao fihetsiketsehana. Antsoin' ireo tantsaha ny tetikasa Casef (Projet de Croissance Agricole et de Sécurisation Foncière), hidina ifotony hanao fanadihadiana lalina. Nanaitra sy nampita hafatra ho an'ny solombavambahoaka ireo tantsaha mba hampita ny hafatr'izy ireo raha tena hanao izany asany izany izy.

Simba tsy misy mpandray ny rononon'ireo tantsaha any Betafo, noho ny fikatonan'ny orinasa AAA Magro, ka voatery tsy maintsy nariana fotsiny.

Aly

Orinasa Vaniala Madagasikara

Nohatsaraina ny endriky ny fanafody Baume Fosa

Miloko mena ny « Boîte » fanafody « Baume Fosa » vokarin'ny Orinasa Vaniala Madagasikara, izay ahitana ilay fofona mahery vaika rahatoa ka niloko fotsy izany teo aloha. Mifanindran-dalana amin'izany, mbola notazonin'ny Orinasa Vaniala amin'ny « Boîte » miloko fotsy ihany ny « Baume fosa », izay manana fofona malefaka. Araka ny nambaran'ny Dokotera Ratsimivony Jean Claude, Filoha Tale Jeneralin'ny JCR dia mitovy ihany ny fomba fiasan'ireo « Baume fosa » miloko mena sy miloko fotsy ireo, fa saingy nohalefahana ny herim-panafody tamin'ny « Boîte » miloko fotsy, satria misy ireo olona marefo tahaka ny Zaza sy ny Olon-dehibe, izay fanina tsy mahazaka ny fofona mahery vaika. Nanohy fanazavana ity Tompon'andraikitra ao amin'ny Orinasa Vaniala Madagasikara ity, fa ny hisorohana ny fisian'ny « Baume » hosoka no antony faharoa nanovana ny endriky ny « Baume Fosa » ary hamidy eny amin'ny fivarotam-panafody toy ny Farmasia sy eny amin'ny mpanjinjara vokatra Vaniala ity fanafody ity, mba ho azo antoka ny fividianan'ny olona azy. Nilaza ny Dokotera Ratsimivonjy Jean Claude, fa vokatra avy amin'ireo zava-maniry natokana hanasitranana ny fihanaky ny« Virus » ny « Baume fosa ».Ankoatraizanymbolamanasitranakarazanaaretinatoyny aretin-doha, « Sinusite »,mivonto,mikohaka,areti-kibo,mangirifiry synysisany « Baume fosa ». Nanohy fanazavana ity tompon'andraikitra ao amin'ny Jcr ity, fa evohana sy ahosotra amin'ny vatana ny fampiasana ny « Baume Fosa » ary azon'ny olona rehetra vidina amin'ny vidin'ny mirary tokoa. Nilaza izy, fa efa 25 taona no nanaovan'ny manam-pahaizana Malagasy ny fikarohana mikasika ireo zava-maniry mandrafitra ny « Baume Fosa » ao anatin'izany ny tantely nafangaro ravina Ravintsara, Mandravasarotra, « Eucalyptus », « Niaouli », « Citriodor »,« cannel», Jirofo, « Menthe ». Tsiahivina fa betsaka ny Malagasy amin'ny faritra Analamangasy ny faritra Atsinanana no nanjifa ny fanafody « Baume Fosa », ho fisorohana sy hitsaboana ny valanaretina Coronavirus ary fotoana tokony hanomezana lanja ny fanafody Malagasy izao vanim-potoana izao hoy ny Filoha Tale Jeneralin'ny JCR, mba hahafahana manatsara ny fahasalaman'ny Malagasy .

Ny Baume Fosa vokarin'ny orinasa Vaniala.

Franck Razakambelo

BEHARO

Teny tondro (Ny Valosoa Vaovao)

N° 318



BL = Bory Loha
BR = Bory Rambo
MIV = Mivadika
MIK = Mikorontana

Misy ny teny Malagasy ofisialy sy ny tenim-paritra

Ohatra : Valy = Vady

Valiny Teny Tondro (0317)

Mitsivalana
- Karazany
- Alefa
- Rehareha
- Eka – Az
- Atao (miv) – Iny
- Sata
- Tanalahy (miv)

Mitsangana
- Karaoty
- Ela (miv)
- Rehetra
- Afaka
- Zara – Sa
- Nay (miv)
- Nihanta
- Taiza (miv)

TENY MIFANAPAKA N° 318



Mitsivalana

1. Ray aman-drenin'ny vady **2.** Zava-maniry (BR) – Verezo (miv) **3.** Misintona **4.** Namarana **5.** Andriamanitra (miv) – Fiandohan'ny paoma **6.** Tsoahinay **7.** Miharitra – Hazo maro **8.** Refy – Sakaiza (miv) **9.** Omby **10.** Lapan'ny Mpanjaka (BL) – Anaram-behivavy

Mitsangana

A. Misy amin'ny biby – Betsaka **B.** Vizana – Sakafo fototra (miv) **D.** Fanolorana **E.** Fikambanana tsy miankina – Reraka **F.** Aro **G.** Efaina (miv) – Eo amin'ny tongotra **H.** Nitohy **I.** Manampoka (miv) **J.** Farihy malaza (miv) **K.** Zanak'i Dada – Manondro olona

Valiny Teny mifanaraka 0317

Mitsivalana

1. Falafa - Fa 2. Osy (miv) - Ambara 3. Tahy - Nao 4. Isaorana 5. Mikalo (miv) 6. Fanjakana 7. Nanaovana 8. Afo - (T)any 9. Ry - Manjono (miv) 10. (T)azo - Aza

Mitsangana

A Fitia - Nara B. Sasa (miv) - Fafy D. Loharano E. Io - Na - Zo (miv) F. Fa - Rojo - No G. Ambalavao H. Naka I. Fanakanana J. Ara - Zanany (miv) K. Amboa (miv) - Amy (miv)